**Herinandro Fiaraha-mivavaka, natokana ho an' Ankizy**
**Novambra 2020**

## Fahatokiana amin'ny Fomba Fiainana Kristiana

Nataon'i Linda Mei Lin Koh, Talen'ny Departemanta miadidy ny Ankizy eo anivon'ny Foibe Manerantany

**SABATA**

## Boky Hafahafa Iray

**Tsianjery Vatosoa Sarobidy** : "Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahasoa koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana" (2 Timoty 3 : 16, MG1865). *

* Ny andalan-tSoratra Masina izay voamarika amin'ny MG1865 dia nalaina avy tao amin'ny Baiboly Teny Malagasy MG1865.

**Tantara**

Niditra tao amin'ity sekoly " Kristiana " hafahafa iray ity i Keke mba hianatra ny teny Anglisy. Tena tsara fanahy sy nanam-paharetana taminy ireo mpampianatra Amerikanina. Saingy toa nampiasa boky mainty iray foana izy ireo ho fampianarana lesona.

" Ramose, fa inona no tena mampiavaka an'iny boky mainty iny ? " hoy i Keke nanontany. " Mbola tsy nahita an'iny mihitsy aho taloha. " " Ity no atao hoe Baiboly ! Ity no Tenin'Andriamanitra izay mampianatra antsika ny zavatra tsara, " hoy ny Pasitora Thompson. " Izany ve ? Tsy maintsy mamaky an'iny aho izany. Angamba mety afaka manampy ahy hiova sy ho tsara izany, sady izany mihintsy izao no tena tadiavin'i Neny ! " hoy i Keke, sady namirapiratra ny masony.

Vantany vao nahavita ny enti-modiny i Keke, dia nosokafany ilay boky mainty nindraminy tamin'i Pasitora Thompson. “ Mila fantatro izay ao anatiny, ” hoy i Keke nibitsibitsika tamin’ny tenany.

“ Aza mamaky an’iny boky mainty iny intsony ianao ry Keke ! ” hoy ny baikon’i Neny. “ Aza mandray hevitra hafahafa avy amin’ireo Kristiana ireo ianao. Aza adino ! Bodista isika ! ” hoy ny fampitandreman’i Neny tamim-pahatezerana.

“ Tiako ity boky ity satria misy hevitra hafahafa sy mahatsikaiky ao anatiny ! Mangataka ahy mba ho tsara fanahy amin'ny fahavaloko izy ; sy hanolotra ny takolako havia raha toa ka kapohin’ny hafa ny takolako havanana ; sy hieritreritra momba ny hafa aloha ; sy tsy hitomany rehefa misy fahafatesana ; ary koa tsy hitsahatra hivavaka. Tsy azoko an-tsaina mihintsy izay mety holazain'ny namako momba izany ! ” hoy i Keke.

“ Fa naninona tampoka teo ialahy ? ” hoy ireo naman’i Keke. “ Nilaozan’ialahy izahay sady tsy miara-milalao aminay intsony ialahy,” hoy ny fitarainan’ireo namany. “ Sady tsy manao fikafika sy sangisangy intsony. Tsy mihinana kisoa intsony. Tsy misy mahafinaritra intsony ! ” Volana maromaro taty aoriana dia nandeha nihaona tamin'ny mpampianatra azy i Keke, niaraka tamin'ny fangatahana miavaka iray.

Nanambara mafy i keke hoe : “ Pasitora Thompson, mila miresaka aminao aho izao dieny izao. Mino an’i Jesosy sy ny Baiboly ary izay rehetra ao anatin’ity boky ity aho.
Te hatao batisa aho ! ”

“ Deraina ny Tompo ! ” hoy i Pasitora Thompson.

**Idiro Lalina**

Ahoana no fomba nanampian'ny Baiboly anao tamin'ny fiainanao any an-trano sy any an-tsekoly?

Iza amin'ireo andininy ao amin'ny Baiboly no miteny manokana ao am-ponao ?

Moa ve sarotra aminao ny manohy mamaky Baiboly foana ? Nahoana ?

Azo atao ve ny miaina ny fiainantsika araka izay ampianarin'ny Baiboly ?

**Iaino !**

Mamorona tononkalo na hira iray momba ny Baiboly sy ny soatoavina ao aminy ary zarao amin'ny namanao any am-piangonana na any am-pianarana.

Manaova fandaharam-potoana manokana hianaranao ny Baiboly tsy tapaka isan'andro.

---

ALAHADY

## Mamela Heloka an'i Dada

**Tsianjery Vatosoa Sarobidy :** " Mifandefera, ka mifamelà heloka ianareo, raha misy manana alahelo amin'ny sasany ; tahaka ny namelan'ny Tompo ny helokareo no aoka mba hamelanareo heloka kosa " (Kolosiana 3 : 13, MG1865).

**Tantara**

Teo am-piomanana handeha hatory i Juni raha iny fa naneno teo amin'ny tohatra ny dian-tongotra mavesatry ny dadany. Avy hatrany dia nangovitra mafy noho ny tahotra ny vatany raha nandady haingana tao ambanin'ny fandriana izy. Tampoka teo dia tsapany fa nisy tanana matanjaka namoaka azy avy tao ambanin'ny fandriana.

" Vonjeo ! Vonjeo ! " Nikiakiaka mafy i Juni raha niezaka nanafaka ny tenany tamin'ny tanan'ny dadany, " Aza kapohina aho ! Mifona aho fa aza kapohina ! "

Tsy afaka nandositra i Juni, ary nokapoihin'i Dada.

“ Aza mihevitra ny handositra ahy izany ! Ha ! Ha ! Ha ! Mitovy amin’ny maman’ialahy mihintsy ialahy ! Vehivavy ratsy ! Vehivavy ratsy ! ” hoy ny antsoantson’i Dada, sady nianjera tamin’ny tany izy, satria mamo loatra ka tsy niraharaha intsony. “Zaza ratsy ialahy !
Zaza ratsy ! ”

Ny ampitson’iny, rehefa avy nisava ny toakan’i Dada, dia nanenina ny amin’ny nikapohany an’i Juni izy. Efa tony izy, saingy natahotra loatra i Juni ka tsy sahy nanakaiky azy mihintsy.

Nandritran’ny roa taona taorian'ny nandehanan'i Mama dia nisotro toaka mandra-paha-mamony ny rain'i Juni. Nihevitra izy fa afaka hanafina ny fanaintainan'ny nandaozan'ny vadiny azy, saingy tsy nanampy ny alikaola. Vokatr’izany dia nikapoka sy namono an’i Juni isak’alina izy. Nampalahelo tokoa ilay zazalahy !

“ Dadabe ô, Bebe ô, mba avelao re aho handeha hipetraka any aminareo e, ” hoy i Juni niangavy azy ireo. “ Tena tsy zakako intsony. Tsy ho ela dia hovonoiny ho faty aho ! ”

“Tena mampalahelo ny zanako, tsy maintsy halainay tsy hiaraka amin’ny rainao intsony ianao,” hoy i Dadabe sy Bebe. Feno fankasitrahana tokoa i Juni satria afaka nipetraka tany amin’i Dadabe sy Bebe mandra-paha-lehibe azy. Tsy nisy kapoka sy famonoana intsony ! Tsy nisy tahotra intsony ! Tsy nisy ratra sy mangana intsony !

Nandeha ny taona, ary nahavita fianarana teny amin’ny oniversite i Juni. Indray andro dia nanatona azy ny raibe sy renibeny niaraka tamin'ny fangatahana hafahafa. “ Juni a, misy zavatra izay tsy nolazainay taminao teo aloha. Niditra am-ponja ny dadanao ary marary mafy izy. Tsy mba handeha hamangy azy ve ianao ? ” hoy ny fanontanian’i Dadabe sy Bebe.

“ Ahoana tsara ? Tianareo hamangy azy aho ? Izaho tsy handeha ! Tsy raiko izy, ary tsy manana ray toa azy aho,” hoy i Juni sady tezitra mafy.

“ Na inona na inona nataony dia mbola dadanao ihany izy. Tsy nanomboka nisotro izy raha tsy efa lasa ny mamananao, ” hoy i Dadabe nanazava tamim-pitiavana. “ Mba mamelà azy. ”

Nanome toky i Bebe, niaraka tamin’ny Baiboly teny an-tànany, hoe : “ Hivavaka ho anao izahay mba hanampian'Andriamanitra anao hamela heloka. ”

Farany, taorian'ny volana maromaro nitolomany tamin'ny tenany, tonga ny andro izay hitsidihan'i Juni ny rainy tany am-ponja. Rehefa nifankahita izy mianaka dia samy nifamihina, sady nandatsaka ranomaso.

“ Mifona indrindra aho, anaka, noho ny fampijaliana rehetra nataoko taminao ! ” hoy Dada sady nitomany.

“ Mamela anao aho Dada ! Mamela anao aho ! ” hoy koa i Juni, sady nirotsaka teo amin’ny tarehiny ny ranomasony. Fihaonana nahafaly tokoa izany ! Ao amin'i Jesosy Kristy ihany no hahitana ny famelan-keloka.

**Idiro Lalina**

Inona no tian'i Jesosy holazaina rehefa niteny Izy fa tokony hamela heloka in-70 ampitomboina fito isika (Matio 18 : 21, 22) ?

Nahoana no tsara amintsika ny mamela heloka, na dia sarotra aza izany ?

**Iaino !**

Mivavaha ho an'ireo namanao na mpiara-mianatra aminao izay mampijaly anao any am-pianarana, mba hianaranao ho tia azy ireo.

Manorata hafatra fampaharezana ho an’ny olona iray izay tsy tianao manokana.

---

ALATSINANY

## Ilay Misiônera Kelin'i Jesosy

**Tsianjery Vatosoa Sarobidy** : " Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, fahononam-po ; tsy misy lalàna manohitra izany " (Galatiana 5 : 22, 23 MG1865).

**Tantara**

"Neny ô, be dia be ny ankizy manodidina ny tranontsika izay tsy mahalala momba an'i Jesosy," hoy ny fisenton'i Elena.

" Inona no azoko atao ho azy ireo ? Tian'i Jesosy daholo manko ny ankizy rehetra eto an-tany," hoy i Elena nanontany tamim-pifaliana.

" Hevitra mahafinaritra be izany ! " hoy i Neny. " Inona no tianao hatao ? " " Efa fantatr'i Neny ve ? Vao azoko androany ny Kitapoko Miteny (*Talking Backpack*). * Afaka mamorona vondrona kely iray aho ary mizara ny vaovao mahafaly amin'izy ireo. Afaka mampianatra azy ireo hira momba an'i Jesosy aho, ary hitantara azy ireo ny tantara ao amin'ny Baiboly, " hoy i Elena tamim-pifaliana. " Andao hanomboka dieny izao. Hanasa ny namako ho tonga aty an-trano isaky ny zoma hariva aho, " hoy i Elena.

Nanasa namany manokana iray i Elena, ary io namany io dia nanasa namana hafa, dia nitohy hatrany hatrany. Ny hariva voalohany dia ankizy 12 no tonga tao an-tranon'i Elena. Notantarainy tamin'izy ireo ny tantara ao amin'ny Baiboly ary nomeny *badge* tsirairay avy izy ireo izay misy soratra hoe " Tia anao Jesosy. " Nanampy ny reniny nandraho *cookies* ho an'ireo ankizy izy. Tena fifaliana sy fampaherezana ho an'i Elena izany !

" Neny a, be dia be ny ankizy tonga isan-kerinandro. Tsy voa-isako intsony ry zareo, saingy azoko antoka fa tena tian'izy ireo ny tantara ao amin'ny Baiboly momba an'i Jesosy. Hivavaka

aho mba hanaiky an'i Jesosy ho sakaizany manokana izy ireo indray andro any," hoy i Elena tamim-pifaliana.

Herintaona taorian'ny nanombohany ilay vondrona keliny, maro ny namany no nanaiky an'i Jesosy ary natao batisa. Fifaliana lehibe no nameno ny fon'i Elena !

**Idiro Lalina**

Inona amin'ireo vokatry ny fanahy no hitanao fa sarotra aminao ny mampihatra azy eo amin'ny fiainanao ? Inona no anton'izany ?

Ao anatin'izao tontolo feno herisetra, tahotra ary fampihorohoroana ankehitriny izao, mbola afaka manana fiadanana ao am-ponao ve ianao ?

Mitadiava andininy iray ao amin'ny Baiboly izay mampiseho ny fomba hahafahana manana fiadanana.

Vitanao ve ny mitia ny fahavalonao, na olona iray izay mandratra anao ? Nahoana ? Nahoana no tsia ?

**Iaino !**

Mifanakaloza hevitra amin'ny ray aman-dreninao na mpampianatra ao amin'ny Sekoly Sabata momba ny tetik'asa iray na roa izay azonao atao mba hampisehoana fitiavana sy hatsaram-panahy amin'ireo izay tsy sahirana noho ianao.

Mivavaha ho an'ireo ankizy izay any am-ponja ny ray aman-dreniny. Tadiavo ny anaran'ireny fianakaviana vitsivitsy misy azy ireny ary manorata karatra hampaherezana azy ireo.

* Ny *Talking Backpack* (Kitapo Miteny) dia ezaka nokarakarain'ny Diviziona Amerika Afovoany. Tsidiho ny tranonkala www.interamerica.org/project/the-talking-backpack/.

**TALATA**

## Be Torimaso

**Tsianjery Vatosoa Sarobidy** : “ Tsy fantatrareo va fa tempolin'Andriamanitra ianareo, ary ny Fanahin'Andriamanitra mitoetra no anatinareo ? Raha misy manimba ny tempolin' Andriamanitra, dia mba hosimban'Andriamanitra kosa izy ; fa masina ny tempolin'Andriamanitra, dia ianareo izany ” (1 Korintiana 3 : 16, 17, MG1865).

**Tantara**

“ Katrina Foster, fantatrao ve hoe amin'ny firy izao ? Mandehana matory IZAO DIENY IZAO ! ” hoy i Neny nibaiko.

“ Efa andeha aho afaka kelikely, fa tsy maintsy mamita ity entimody ity aho aloha.
Aza manahy e ; tsy haninona izany aho, ” hoy i Katrina, sady nanome toky an’i Neny izy.

“ Ô ry zanako a, manahy ny aminao aho. Manimba ny fahasalamanao anie ianao e ! ” hoy i Neny tamin’ny feo feno tebiteby. “ Tsy maninona aho, ” hoy i Katrina. “ Tsy azonao atomboka aloha ve ny entimodinao ? Manana ny tolakandro iray manontolo ianao hanaovana azy, kanefa ianao mandany fotoana be amin'ny Instagram sy fandefasana hafatra any amin'ny namanao, ” hoy i Neny.

“ Tsy maninona aho ry Neny a ! Ianareo Neny koa miasa saina amin’ny tsy misy dikany ! ” hoy i Katrina.

Nandalo ny herinandro ary tratra natory tao an-dakilasy imbetsaka i Katrina. Inefatra tao anaty herinandro iray monja izy no natory. Nanahy ny momba azy ny mpampianatra azy Mme. Bouchett.

“ Mme. Foster, tena mila manara-maso ny ora fatoriana Katrina ianao,” hoy i Mme. Bouchett tamin’ny renin’i Katrina. “ Inefatra izy no tafatory tamin’ity herinandro ity fotsiny ! Sady kizitina izy no mibetroka matetika an’ireo mpiara-mianatra aminy.”

“ Eny ary, hiezaka hiara-hiasa amin'i Katrina aho amin'izany,” hoy i Neny, nanome toky an’ilay mpampianatra.

“ Katrina, diso fanantenana be aho tamin'ny tatitra nataon'ny mpampianatra momba anao, ” hoy i Neny tamin’alahelo. “ Fantatrao ve fa tempolin’Andriamanitra ny vatanao ? Raha simbainao amin'ny torimaso adiny telo na efatra isak'alina fotsiny izy dia ho very ny hery sy tanjaka hahafahanao misaina sy mandinika, ” hoy i Neny.

“ Mifona aho Neny a. Hiezaka ny hatory aloha aho. Mba mivavaha ho ahy, ” hoy ny fiangavian’i Katrina.

“ Izany mihintsy, mila mangataka amin'i Jesosy isika mba hanampiany anao handamina tsara ny andronao. Afaka mamita ny entimodinao ianao nefa mbola manam-potoana ho an'ny namanao ihany koa. Halaiko ny findainao isan-kariva alohan'ny hatory, ” hoy ny Neny, nanapa-kevitra.

“ Tsy afaka manao an’izany kosa Neny e ! ” hoy i Katrina nitaraina. “ Tsy manan-tsafidy aho, sa tsy izany e ? ” “ Marina mihintsy izany ! ” hoy i Neny namaly, sady nitsikitsiky.

**Idiro Lalina**

Nahoana i Paoly no nilaza fa tempolin’Andriamanitra ny vatantsika (1 Korintiana 3) ?

Nahoana no tsy tsara ho an’ny vatantsika ny tsy fahampiana torimaso ?

Nahoana Andriamanitra no manahy ny amin’ny fahasalaman’ireo Zanany ?

**Iaino !**

Manaova fandaharam-potoana isan'andro ny amin'ny zavatra ataonao rehefa miverina avy any am-pianaranao ianao ary araho izany. Manomana plana fisakafoanana mandritran’ny herinandro iray, izay ahitana sakafo mahasalama, miaraka amin’ny fanampian’ireo ray aman-dreninao.

**ALAROBIA**

## Izaho no Tanan'i Jesosy

**Tsianjery Vatosoa Sarobidy** : " Tiava an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra sy ny herinao rehetra ary ny sainao rehetra ; ary, Tiava ny namanao tahaka ny tenanao " (Lioka 10 : 27, MG1865).

**Tantara**

" Neny o, afaka manamboatra sakafo ho an'ireo ankizy eny an-dalambe manodidina ny fiangonantsika ve isika ? " hoy ny fanontanian'ireo kambana, Larinee sy Sarinee.
" Hevitra ten tsara mihintsy izany ! " hoy i Neny. " Fa ohatrinona nefa no vola ilaintsika mba hahafahana manome sakafo ho an'ny tsirairay avy amin'izy rehetra ? " hoy i Neny nanontany.

" Afaka mangataka amin'ireo mambra rehetra ao am-piangonana isika mba hanome zavatra na fangaro izay afaka ampiasaintsika. Mino aho fa te hanampy ihany koa izy ireo, " hoy izy mirahavavy niara-namaly.

" Tsy izany ve no nolazain'i Jesosy fa tokony hataontsika ? Inona moa ilay andininy niresahan'i Jesosy momba ny fanampiana ny hafa ? " hoy i Larinee nanontany.

" Marina izany, ao amin'ny Matio 25 i Jesosy dia nilaza fa rehefa manampy olona isika, sy manome sakafo ho an'ny mahantra, ary mitsidika sy mivavaka ho an'ireo any am-ponja, dia manao izany Aminy ihany koa. Jesosy no modely tsara indrindra ho antsika amin'ny fanampiana ny hafa, " hoy i Dada nanazava.

Nandritran'ny roa andro i Larinee sy Sarinee dia sahirana niantso ireo mambran'ny fiangonana an-tariby ary nangataka fanomezana legioma sy voankazo ho an'ilay tetikasa manokana nomanin'izy ireo.

" Loholona Janu, mba afaka manome legioma na sakafo hafa ve ianao amin'ny Sabata heriny, mba ho andrahonay hahafahana manome sakafo ho an'ireo ankizy eny an-dalambe ? " hoy izy

mirahavavy kambana nanazava rehefa niantso ny loholona voalohany izy ireo. “ Hevitra tena tsara izany ry izy mirahavavy ! Tena faly aho manohana ny tetikasanareo. Ho angatahiko koa ny vadiko mba hanampy anareo amin’ny fandrahoana ireo sakafo ireo, ” hoy ny loholona voalohany, sady nanome ilay soso-kevitra tamim-pitsikitsikiana.

Rehefa tonga ny Alahady, dia nahandro lasopy valo vilany lehibe i Larinee sy Sarinee, niaraka tamin’ny fanampiana betsaka avy tamin’i Neny sy Mme. Janu ary vehivavy maro tao am-piangonana. I Dada sy ny loholona ary diakona sasany tao am-piangonana kosa dia nanampy nitaona ireo sakafo nankany amin’ny valan-javaboary izay izarana azy amin’ireo ankizy eny an-dalambe. Nahafinaritra tokoa io andro io !

“ Misaotra Anao izahay Jesosy ô, noho ny fanampianao anay. Mba eritrereto anie e, ankizy sy tanora noana miisa 80 no nomentsika sakafo ! ” hoy izy mirahavavy kambana, sady nitsikitsiky, “ Te ho tahaka an’i Jesosy tokoa izahay ! ”

**Idiro Lalina**

Vakio ny Matio 25 : 31-41 ary mifanakaloza hevitra hoe nahoana no sarotra aminao ny manaraka ny modely napetrak’i Jesosy amin’ny fanompoana ny hafa.

Raha oharina amin’ny fanoharan’ilay Samaritana tsara fanahy (Lioka 10 : 25-37), dia ahoana no fomba hahafahantsika ho lasa Samaritana tsara fanahy amin’izao vanim-potoana maoderina izao ?

**Iaino !**

Miaraha amin’ireo ray aman-dreninao na ny mpampianatra ao amin’ny Sekoly Sabata ary mitadiava tetikasa izay azonao atao mba hanompoana ny fiarahamonina misy anao, tahaka ny nataon’i Jesosy.

Mitadiava namana roa na telo ary manaova dia am-bavaka manodidina ny fiarahamonina misy anao mba hivavahana ho an’ny raharaha na fianakaviana maro samihafa.

**ALAKAMISY**

## Ny Fijoroana vavolombelon'i Brian

**Tsianjery Vatosoa Sarobidy** : " Koa amin'izany, na mihinana na misotro ianareo, na inona na inona ataonareo, dia ataovy ho voninahitr'Andriamanitra izany rehetra izany " (1 Korintiana 10 : 31, MG1865).

**Tantara**

" Ô ry zareo a, efa nahita ny sarimihetsika Harry Potter nivoaka farany ve ianareo ? " hoy i Zach nanontany. " Tena mahavariana ny fomba hanidinan'ireny biby hafahafa ireny ! "

" Inona no lohateniny ? " hoy i Jamie sy Jeannie niara-nanontany tamin'ny feo mafy. " Tokony hijery an'izany koa angamba isika. "

" Raha ny hevitro dia tokony hitandrina ny zavatra jerentsika isika. " hoy i Brian tamin'ireo namany. "Tsy tena misy manko ny biby izay sady afaka manidina no manao zavatra mahagaga."

" Mba fahafinaretana sy fialam-boly fotsiny anie izany e, " hoy i Zach. " Mila manana saina mahay mamorona koa, sa tsy izany ? " hoy ihany izy.

" Mamanao ve no nilaza fa tsy afaka mijery ireny sarimihetsika ireny ianao ? " hoy i Jeannie nanontany.

" Ie, saingy tsy i Neny ihany ; fa milaza izany ihany koa ny Baiboly ! " hoy i Brian nanazava. " Raha fenointsika amin'ireny tantara tsy marina, toy ny mpanao *magie*, ireny ny saintsika, tsy ho ela dia lasa inoantsika mihoatra noho ny herin'i Jesosy izy ireny. "

“ Marina izany lazain’i Brian izany ! Ao amin'ny Baiboly dia nilaza i Paoly ao amin'ny Korintiana fa izay jerentsika, vakintsika, na ataontsika dia tokony ataontsika mba hanomezam-boninahitra an'i Jesosy, ” hoy i Jamie. “ Andeha anie hojerentsika e. ”

“ Fantako tsara mihintsy izany ry namako isany, ” hoy i Zach nanaiky. “ Misarika anao ireny sarimihetsika mahagaga ireny, avy eo tsy mahavita mijanona tsy mijery an’ireny intsony ianao.”

“ Marina izany, andao isika hifampi-vavaka ho an’ny tsirairay mba hahafahantsika mifidy boky tsara hovakiana, sy sarimihetsika tsara hojerena, ary kilalao tsara ao amin’ny solosaina holalaovina, mba hahafahantsika manome voninahitra an’i Jesosy ! ” hoy izy efatra niara-niteny.

**Idiro Lalina**

Inona no dikan’izany hoe “ na inona na inona atao ” dia tokony atao ho voninahitr’Andriamanitra izany (1 Korintiana 10 : 31) ?

Afaka mitanisa zavatra sasany izay mifanaraka amin’izany ve ianao ?

Mora ve ny mampihatra fomba fiainana Kristiana tsara ao aan-tranonao, na any an-tsekolinao, na ao am-piangonanao ? Inona no tian’ny apôstôly Paoly holazaina rehefa nangataka antsika izy mba hitafy “ ny fiadian’Andriamanitra ” (Efesiana 6 : 10-18) ?

**Iaino !**

Manokàna andro iray hanadiovana ny efitranonao. Ario avokoa ireo horonan-tsary, boky, CD, sns. izay tsy manampy anao amin’ny fiainana maha-Kristiana tokony ananananao.

Miaraha amin’ny namanao roa na telo ary manaova lisitr’ireo *jeux video* tsara, boky tsara, ary fandaharana tsara amin’ny fahitalavitra izay azonao jerena. Avy eo miaraha-mivavaka ary angataho Andriamanitra mba hanampy anareo hanao safidy hendry.

---

**ZOMA**

## Diovy Tsara ny Atidohanao

**Tsianjery Vatosoa Sarobidy**: “Koa vonoy ny momba ny tenanareo izay etỳ an-tany, dia fijangajangana, fahalotoana, firehetam-po, fanirian-dratsy ary fieremana, dia fanompoan-tsampy izany ” (Kolosiana 3 : 5, MG1865).

**Tantara**

Teo am-pamoriana ny fianakaviana mba hanao ny fiaraha-mivavaka hariva i Dada sy Neny, raha hitan’izy ireo fa mbola teo amin’ny solosainany ihany i Raymond.

“Ray a, tsy fantatrao ve hoe amin’ny firy izao ? ” hoy i Neny nanontany. “ Efa miandry anao avokoa izahay rehetra. ” “ Ao ary fa efa ho avy aho e, ” hoy i Ray.

Rehefa tapitra ny fotoam-pivavahan'ny fianakaviana, dia nasain'i Dada nijanona vetivety ny ankizy ; nisy zavatra manan-danja tiany holazaina amin’izy ireo.

“ Inona no olana misy eo aminao ry Ray ? Hitako fa mandany fotoana betsaka eo amin’ny solosainanao ianao, ” hoy i Dada nanontany an’ilay zanany lahy.

“ Angamba mijery an’ireny vehivavy miboridana ireny izy, ” hoy i Joni zandriny vavy. “ Izany no mahatonga ireo mpampianatra hampitandrina anay ny amin’ny loza entin’ny fijerevana zavatra mamoafady ! ”

“ Eny tokoa, Ray sy Joni a, andao isika hiresaka momba izany, ahafahanareo mahatakatra tsara hoe inona izany ary nahoana no tsy tsara ho antsika izany, ” hoy i Dada nanazava.

“ Fantatrareo ve hoe inona izany *pornographie* na zavatra mamoafady izany ? ” hoy ny fanontanian’i Dada, ary samy niteny izy mianadahy fa tsy mahafantatra.

“ Ny *Pornographie* dia sary na sarimihetsika ahitana olona izay manao akanjo vitsivitsy na tsy manao akanjo mihintsy. Izy ireny dia maneho olona manao zavatra izay tsy tokony atao ampahibemaso, ” hoy i Dada nanohy. “ Ireny olona ireny dia manao izany mba hahazoana vola. ”

“ Tena mahamenatra izany, ” hoy i Joni. “ Fantatrareo ve hoe nahoana no mampidi-doza ho an’ny ankizy izany ? ” hoy i Dada nanohy. “ Satria tsy maneho tena fitiavana na tena fifandraisana akaiky izany. Manao ny lehilahy sy vehivavy ho toy ny zavatra fotsiny izany. Raha mbola manohy mijery ireny sary ireny ianareo, dia lasa miankin-doha amin’izy ireny, toy ny amin’ny zavatra maha-domelina. ”

“ Tena tsy nahafantatra aho hoe mampidi-doza tokoa izany ry Dada,” hoy i Ray. “ Noheveriko fa sary vitsivitsy tsy misy dikany fotsiny ireny. ” “ Fantatrareo ve fa manoro hevitra antsika i Paoly hoe tokony hisaina ny zavatra izay marina, manan-kaja, mahitsy, madio, maha-te-ho-tia ary tsara isika ? ” Nampahatsiahy azy ireo dada (Filipiana 4 : 8). “ Satria ny devoly dia maka fanahy ny olona rehetra, eny fa na ny ankizy aza, mba handany fotoana amin’ny zavatra izay tsy madio. ”

“ Misaotra betsaka ry Dada niteny izany taminay. Mivavaha ho anay mba hanananay ny hery handosirana ireny sary tsy madio ireny, ” hoy i Ray.

**Idiro Lalina**

Ianaro ny Marka 9 : 47. Tena te hilaza ve i Jesosy fa tokony hongotantsika ny masontsika raha mahatonga antsika hijery sary tsy madio izy ? Inona no tena Tiany holazaina ny amin’ny fomba tokony hiainantsika ny fiainantsika ?

Inona avy ireo fakam-panahy momba ny firaisana ara-nofo izay atrehanao ? Ahoana no tokony hiatrehanao azy ireny mba hahafahanao miaina amin'ny maha-Kristiana mpandresy anao ?

**Iaino !**

Manaova lahateny na manorata lahatsoratra haseho amin’ny mpiara-mianatra aminao mahakasika ireo loza ateraky ny fijerevana zavatra mamoafady (miaraha-miasa amin’ny mpampianatra anao). Mindràma boky tsara sasany izay mampianatra momba ny firaisana ara-nofo mety sy ara-pahasalamana ho an’ny Kristiana ary vakio izany.

Fantaro hoe ahoana no fomba hanampian'ireo boky ireo anao amin'ny famaliana ireo fanontanianao momba ny firaisana ara-nofo. Mifanakaloza hevitra momba izany miaraka amin'ireo ray aman-dreninao.

---

**SABATA**

## Velona Indray

**Tsianjery Vatosoa Sarobidy** : " Indro Izy avy amin'ny rahona ; ary ny maso rehetra hahita Azy, na dia izay nandefona Azy aza ; ary hitomany Azy ny firenena rehetra ambonin'ny tany. Eny, Amena " (Apokalypsy 1 : 7, MG1865).

**Tantara**

" Neny ô, marary mafy ny dadaben'i Carlo, ary mieritreritra izy ireo fa tsy ho velona mihoatra ny roa andro, " hoy i Paulo tamin'alahelo.

" Eny ry anaka, zavatra mahatsiravina ny fahafatesana," hoy i Neny tamim-pahalemena. " Mampalahelo tokoa ny mamoy olona tiana. "

" Hitako fa mitomany betsaka foana i Carlos sy Belen isaky ny miresaka momba an'ny dadabean'izy ireo, " hoy i Paulo nanazava tamin'i Neny.

" Aza malahelo. Mbola misy fanantenana ho antsika rehetra ! " hoy i Neny tamim-pifaliana.
" Lazao an'izany ireo namanao. " " Inona no mety karazana fanantenana aorian'ny fahafatesana? " hoy i Paulo nanontany. " Milaza amintsika ny Baiboly fa ho avy indray Jesosy hamoha ireo izay maty tao Aminy ! " hoy i Neny tamim-pifaliana. " Andeha hojerentsika ny
1 Tesaloniana 4 : 16, 17 mba hamakiana bebe kokoa momba izany teny fikasàna manahafinaritra izany. "

“ Tena tsara izany ry Neny ! ” hoy i Paulo. “ Te hizara izany fanantenana izany amin’i Carlos sy Belen mihintsy aho. ”

“ Mahagaga mihintsy. Voalaza eto fa izay efa maty tao amin’i Kristy no hitsangana aloha, ary izay mbola velona dia hakarina hitsena an’i Jesosy eny amin’ny habakabaka ! ” hoy i Paulo tamim-pientanam-po betsaka.

“ Tsy mila mitomany intsony izany i Carlos sy Belen ! ” hoy i Paulo tamim-pahatokiana.

“ Mandehana ary zarao amin’ireo namanao izany vaovao mahafaly izany rahampitso, ” hoy i Neny sady namporisika tamim-pitsikiana.

**Idiro Lalina**

Ampitahao ny 1 Tesaloniana 4 : 16, 17 sy ny 1 Korintiana 15 : 51, 52 ary ny Jaona 5 : 28, 29. Nahoana no tena zava-dehibe amintsika ny fiavian’i Jesosy fanindroany amin’izay momba ny fahafatesana ? Mety handray izany teny fikasàna izany ve ireo olona izay tsy mino Azy ?

Inona ilay fampitandremana nomena ao amin’ny Lioka 21 : 34-36 mahakasika ny fomba tokony hiainantsika amin’ny andro farany alohan’ny hahatongavan’i Jesosy ?

**Iaino !**

Miaraha-mivavaka amin’ireo ray aman-dreninao sy/na namanao roa ho an’ireo izay namoy olona akaiky, mba hahafahan’izy ireo mahatoky ny teny fikasàna nomen’i Jesosy fa mbola hahita azy ireo indray izy. Manaova karatra dimy na enina (7.5 santimetatra x 12.5 santimetatra) miaraka amin’ny toko sy andininy avy ao amin’ny Baiboly izay manome fanantenana ny amin’ny fitsanganana amin’ny maty rehefa ho avy indray Jesosy. Zarao amin’ireo olona izay namoy olona akaiky azy izany.